# 20 NY HEVITRA ARA-DRAFITRA MPAMARI-TOE-JAVATRY NY TSARAINA

## TANJONA

Mamantatra ny hevitra ara-drafitry ny Lazaina sy ny fitodiky ny fehezanteny misy enti-milaza teny tokana tsy matoanteny, misy tovona maha-, manka-, mampi-, mampa-

## VONTOATIM-PAHALALANA

- Ambara fa mpamari-toe-javatra tsaraina ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina raha toa ka indray tanteraka ireto:
Enti-milaza tsy matoanteny, teny tokana na andian-teny tso-drafitra;
Ahitana ny tovona maha-, mampa-, mampi-, manka-
FKI mivany 3 ka RF Tsaraina ny vaniny fahatelo.

- Ambara fa mpamari-toe-javatry ny tsaraina ny Hevitra ara-drafitry ny Renifameno, raha toa ka indray tanteraka ny fepetra roa voalaza etsy ambony, rehefa avadika ho Lazaina ilay R.F.
Raha mpamari-toe-javatry ny tsaraina ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina, dia ambara fa "mitodika amin'ny mpamari-toe-javatry ny tsaraina ny fehezanteny".

## Lahatsoratra

Resin'ny fiainana teto Antananarivo aho tamin'izay fotoana izay, ka dia nanapa-kevitra ny hiery tany amoron-tsiraka, handositra ny mason'ny ankizy niara-nihira tamiko; fa na dia tao aza ny tsy fisiana, dia ny "mason'ny olona" na tena nahabe ny fahoriako. Dia niorim-ponenana tany A….aho. Tefy vifotsy no nataoko antom-pivelomana tao. (…). Vao mangiran-dratsy dia manefy ny zinga ampanaovin'ny mpitety tsena aho.

***Harioley***

(Ny taom-baovaon'I Nenimialy)

## Sahanasa 1

1-Fanadihadiana lahatsoratra:

a)Inona no antony nahatonga ny fierena tany amoron-tsiraka?

b)Inona no tena mavesatra indrindra ka nahabe ny fahorian'ny mpitantara?

c)Ahoana no fomba nataon'ny mpitantara mba hahavelona azy?

2-Rasao ny fehezanteny:

F1: Nahabe ny fahoriako ny mason'ny olona.

F2: Tsy nahakivy ahy anefa izany.

F3: Nahafinaritra ahy ny fonenana tany amoron-tsiraka.

### Sahanasa 2

1-Rasao ny fehezanteny:

Resin'ny fiainana teto Antananarivo aho tamin'izay fotoana izay.

Sempotra noho ny fiakarana ilay bevohoka.

2-Porofoy fa mpamari-toe-javatry ny tsaraina ny hevitra ara-drafitry ny RF

### Sahanasa 3

1-Mitodika amin'ny inona ireto fehezanteny ireto:

a)Mahafinaritra ahy mihitsy izay feon-kira izay.

b)Ny nahatondraka io renirano io dia ny fiavian'ny orana betsaka tato ho ato.

d)Hahatondraka an'io tanimboly io ve io zaza io?

2-Ataovy Lazaina ny teny misy tsipika eo ambaniny dia lazao ny fitodiky ny fehezanteny:

a)Nahahendry azy ny anatra tsy misorona natao taminy.

b)Tsy nahavory olona ilay fampisehoana sarimihetsika omaly.

e)Mbola mpanan-karena izy ireo tamin'ireny fotoana ireny.